FIANGONANA LOTERANA MALAGASY (FLM)
SYNODAM-PARITANIN'NY FIANGONANA LOTERANA MALAGASY ATY EOROPA (SPFLME)
SYNODE REGIONAL DE L'EGLISE LUTHERIENNE MALAGASY EN EUROPE

NY FILOHA -LE PRESIDENT

Strasbourg faha 15 martsa 2020

« Fa izao no lazain'ny Tompo Andriamanitra, ny Iray Masin'ny Isiraely: Amin'ny fiverenana sy ny fitsaharana no hamonjena anareo, amin'ny fanginana sy ny fahatokiana no hisian'ny herinareo… » Isa. 30.15

Taratasy Pastoraly

Hoan'ny tompon'andraiktra rehetra eto amin'ny SPFLME

Ry havana,

Ampitomboina ho aminareo mandrakariva anie Fahasoavana amam-piadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Araky ny fanambarana nataon'ny Praiministra Frantsay omaly hariva 14 martsa 2020 ho fiarovana amin'ny fihanaky ny aretina covid-19 : « *Les églises peuvent rester ouvertes, mais les rassemblements et les cérémonies doivent être reportés.* ».
Noho izany dia **tsy afaka hanao fanompoam-pivavahana am-piangonana isika manomboka izao alahady 15 martsa 2020 mandra-pisian'ny filazana manafoana izany.**
Mamporisika ny kristiana tsirairay kosa isika hiombom-bavaka am-po amam-panahy ka samy hitalaho amin'Andriamanitra mba hisy famindram-po sy fanasitranana, famonjena hoan'ireo izay marary ary koa fiarovana hoan'ny rehetra.

Jesosy Kristy Tompontsika anie hitahiry ny finoantsika mba tsy ho levona ka hitoetra ho mahatoky hatramin'ny farany isika « *Satria efa nitandrina ny teniko ny amin'ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany. Ho avy faingana Aho ; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satro-boninahitrao.* » Apo. 3.10

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY EROPA SYNODAM-PARITANY FLME

Dr HABBERSTAD Rakotondrazaka
Pastora FLM